Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

***Rev.Dr Jean A.RAVALITERA***
 06 98 11 46 75/09 83 21 15 40
jeanravalitera@ymail.com

# FAMPIANARAM-PINOANA SAP/KNPL 01 JONA 2016

***«Nefa katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny hanao ny marina nosoritany, dia homeny anareo ho fanampiny ireny rehetra ireny. »*** Matio 16, 33 –DIEM-

Io tenin'i Jesoa Kristy io indray no natolotry ny Komitin'ny SAP sy KMPL hiarahantsika mandinika anio amin'izao fandalinam-pinoana ataontsika izao. Misy fanamarihana kely voalohany ataoko aloha mialoha ny hirosoantsika lalindalina kokoa: mahazatra ny maro matetika dia tsy omeny lanja ilay teny kely fampitohizana eo aloha, fa avy hatrany dia ny zavatra takian'ny Tompo no raisiny. Averimberina sy ampianarina foana ny hoe *"Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra...",* ary haintsika rehetra ilay hira malaza renesina isaky ny misy fanompoam-pivavahana ataon'ny havantsika katolika sy ortôdoksa: *" Cherchez d'abord le royaume de Dieu et sa justice, et toutes choses vous seront données, Allelujah!"*. **Misy lanjany lehibe kanefa ilay teny fampitohizana mialoha,** izany hoe**:** ny **«NEFA»**/**«MAIS».** Io teny kely io dia manambara fa misy **SAFIDY tiany hitarihana antsika apetraky ny Tompo eo anoloantsika**. Manaja ny fahalalahan'ny tsirairay Andriamanitra, ary mamela ny tsirairay hanao araka izay nahim-pony. Manoro ny tsara izy kanefa tsy mba manery na oviana na oviana, fa manome safisy malalaka manoloana izany. Izay mihaino Azy no manao araka izany. Na tsy voalaza aza ao anatin'ny fehezanteny aza, dia toy ny manambara ny Tompo amintsika hoe: «Na manaraka ny fanaon'izao tontolo izao sy ny fomban'ny jentilisa ianareo ka misafidy izay mahafinaritra sy toa ilaina araka ny sainareo, ao anatin'izany dia ampianariko ihany ianareo hoe "aza manahy ianareo ka manao hoe: inona no hohaninay? na hoe: inona no hosotroinay? na hoe: inona no hitafianay? ireo mpanompo sampy manko no fatra-pikatsaka ireny rehetra ireny; fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra kosa fa ilainareo avokoa izany", NEFA mialoha izany rehetra izany dia "katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra...». Nataoko voalohany io fanamarihana io, satria moramora amin'ny olona ny manodina ny sitrapon'Andriamanitra hifanaraka amin'ny heviny, raha toa ka raisiny araka ny mahametimety azy fotsiny ny tenin'Andriamanitra. Tsy ny saintsika, na ny herintsika, na ny fahaizana amam-pahalalana ananantsika kanefa no hahavitana ny sitrapon'Andriamanitra. Mampahatsiaro mandrakariva Jesoa ao anatin'ny fampianarana nataony, hoe: « fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra kosa fa ilainareo avokoa izany». Midika mazava izany tenin'ny Tompo izany fa fantatr'Andriamanitra tsara ny fiasan'ny saintsika olombelona manoloana ny zava-misy, fa mialoha ny handrosoany eo anoloantsika hevitra momba ny sitrapon'Andriamanitra tiany hotanterahintsika, dia tokony hahatsiaro mandrakariva isika fa Andriamanitra efa miasa mialoha antsika mba hahazoantsika hanatanteraka izany sitrapony izany.

Rahefa hiroso handalina ny baikon'ny Tompo eto isika, tiako hosoritana mazava fa amin'ny Tompo Jesoa Kristy, ny safidy atao dia hentitra fa tsy misy tokony isalasalana na iadian-kevitra. Eo aloha, raha nilaza ny fanaon'ny olona te hanamarin-tena manoloana ny safidy ataony, ka mahazatra ny maro ny mianiana: mila toky sy fanohanana amin'izay heverina fa marina sy azo antoka (fanao mahazatra, na eo amin'ny fitsarana, na amin'ny fandraisana andraikitra ambony eo amin'ny fiaraha-monina eto amin'izao tontolo izao izany fianianana izany!). Tsy ny endrika ivelany amin'ny fihetsika atao kanefa no zava-dehibe, ary tsy ny fanomezana lanjam-bidy mihoatra kokoa zava-misy miavaka amin'ny voaary noharin'Andriamanitra (mety hitarika ho amin'ny fanompoam-tsampy), fa hoy ny fampitandremana omen'ny Tompo Jesoa, hoe « Fa aoka ny teninareo, rehefa eny, dia ho eny; rehefa tsia, dia ho tsia; ny

ankoatra izany kosa dia avy amin'ilay Ratsy.» *Matio 5, 37*. Manaraka izany dia ambaran'ny Tompo ary hampitandremany mafy dia mafy ny mpianany fa tsy misy fahotana mety hahavoa sy hahalavo ny mpanara-dia Azy mihoatra ny fanahiana tafahoatra ny amin'izao fiainana izao, ny fitiavana hanangon-karena tafahoatra sy ny fitadiavam-boninahitra eo amin'ny fiaraha-monina. Nisy ilay sampy nalaza tany Carthage (tanànan'i Hannibal ilay mpitari-tafika nalaza saika tsy resin'ny Romana mihitsy, any Tonizia ankehitriny), antsoina hoe Mammôn. Fanta-daza io «andriamanitry ny vola amin-karena io» (tahaka ny anjara toerana omena ny «Bourse côtée» ankehitriny), ka izay no nameperan'ny Tompo Jesoa ny mpianany hoe «Tsy misy olona mahay manompo tompo roa; satria na ny anankiray ho halany ary ny anankiray ho tiany, na ny anankiray hombany ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy hainareo atao ny sady manompo an'Andriamanitra no manompo ny harena» *Matio 6, 24.*

### FA NAHOANA NO KATSAHINA ALOHA NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA SY NY FAHAMARINANY?

Manamarika ny Tompo fa sarobidy amintsika olombelona ny fananana fiainana. Antom-pisiana dia ny ho velona, ary ezahina izay hahatsara izany fahavelomana izany. Eo anatrehan'izany kanefa, tsy azontsika adinoina na oviana na oviana, fa «Fa iza aminareo, na dia be fanahiana toy inona aza, no mahay manalava kely monja ny andro iainany?» Misy foto-kevitra roa lehibe ambaran'ny Tompo momba ny faharatsian'ny  fananana fanahiana be loatra izay manjary fahotana ho antsika:

1) Tsy mijery afa-tsy ny nofo isika ka mihevitra fa voafaritra ao anatin'izany ihany ny fiainana. Marina tokoa fa io no hita, ary ho an'ny tsy mahalala an'Andriamanitra, na ireo izay tsy te hahalala an'Andriamanitra dia tsy mibanjina afa-tsy izany ihany izy ireo. Nambaran'i Jesoa ao amin'ny *Lioka 10, 41-42* kanefa, raha niteny an'i Marta izay nisahirana fatratra nanompo Azy ary nanome tsiny ny rahavaviny izay tsy nanao na inona na inona afa-tsy nihaino an'i Jesoa nampianatra, hoe: «Marta, Marta, maro ahina sy be herehina loatra ianao, nefa zavatra iray ihany no ilaina; ka i Maria no efa nifidy ny anjara soa indrindra, izay tsy halana aminy.» Ny «anjara tsara» nofidian'i Maria teo dia ny mihaino ny Tompo ary mikendry ny hitoetra mandrakariva eo anilany, mivonona hanatanteraka izay asainy hatao. Tsy ny ezaka hataontsika manko no hahazoana fankasitrahana eo anatrehan'Andriamanitra, fa ny fiarahana Aminy, fihainoana Azy, ary fanekena mba hamboariny. Izay mihevitra fa manao asa lehibe ho an'Andriamanitra araka ny sainy fotsiny, dia mora afa-po sy matoky tena ka tsy mahita marina an'Andriamanitra fa mamaritra an'Andriamanitra araka ny fisainan'olona fotsiny. Tsy Jesoa Andriamanitra no hitan'i Marta, fa Jesoa olombelona Sakaizan'ny fianakaviana. Mbola fakam-panahy mety manjo ny olona ihany koa, raha mandray hevitra an-tendrony fotsiny, ny mitady hitoka-monina ka tsy hanao na inona na inona ary tsy hijery mihitsy izao fiainana izao, fa hanoka-tena ho an'Andriamanitra. Fantatsika fa izay no niteraka ireo antoko "mpitoka-monina" maro, ary nampijaly tena mihitsy aza, mihevitra fa izany no hahazoana fankasitrahana amin'Andriamanitra. Andriamanitra kanefa mahalala tsara ny fon'ny olombelona, ary tsy miafina Aminy ny ao ambadiky ny fikasantsika, na izay takona indrindra aza. Tsy isika no manoka-tena ho an'Andriamanitra, fa Andriamanitra no manokana antsika ho Azy: «Ianareo no sakaizako, raha manatanteraka izay andidiako anareo: tsy hataoko hoe mpanompo intsony ianareo, satria ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa efa ataoko hoe sakaiza ianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nampahafantariko anareo. Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo sady nanendry anareo mba handehananareo sy hahavokaranareo ary hahaharetan'ny vokatrareo; hany ka na inona na inona angatahinareo amin'ny Ray noho ny anarako, dia homeny anareo. Koa izao no andidiako anareo: mifankatiava ianareo» *Jaona 15, 14-17.* Tiako homarihina kely ny farany amin'io tenin'ny Tompo io: na dia ireo mitokana hivavaka sy hanompo an'Andriamanitra aza (any amin'ny Monastere sy ny Couvent ankehitriny), dia tsy misaraka tanteraka amin'ny hafa fa mivelona amin'ny fifankatiavana sy ny fanompoana ny hafa, ho mariky ny fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra.

2) Efa fakam-panahy nahalavo ny olombelona hatrany am-boalohany ny «te hitovy amin'Andriamanitra». Adinontsika fa efa «tahaka ny endrik'Andriamanitra» no nahariana antsika, ka mamorona endrika hafa ankoatra izay nahariana izay isika olombelona. Ny saina, ny fahaizana

amam-pahalalana, ny fahendrena rehetra eto amin'izao tontolo izao dia avy amin'Andriamanitra, kanefa tsy entina hanomezam-bononahitra Azy izany fa tadiavina ho fitaovana hifaninanana Aminy. Tsy misy maharatsy ny fandrosoana. Tsy misy maharatsy ny fifampifehezana eo amin'ny samy olombelona ao anaty fiaraha-monina. Fa mandrakariva dia ireo no lasa mihoatra an'Andriamanitra amintsika. Na dia ao anatin'ny Fiangonana aza, iaraha-mahita fa lasa hamaivanina ny Tenin'Andriamanitra, ny fiainam-bavaka hananana firaisana amin'Andriamanitra. Manjary ny kajy sy ny Fitsipika no mahazo vahana kokoa eo amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Tsy manana fahatokisana isika, ka mametraka arofanina ho antsika. Raha arofanina fotsiny, tsy manmpaninona izany, fa ny loza dia manjary izany arofanina izany no manakona an'Andriamanitra miasa amintsika.

Hentitra ny baiko avy amin'ny Tompo Jesoa Kristy: « ***katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny hanao ny marina nosoritany*** ». Ny hoe «**Katsaho**» dia midika hoe «**Tadiavo fatratra**, **ataovy laharam-pahamehana**». Raha mbola misy zavatra hafa alohan'izany dia tsy mety. Ato amin'ny Filazantsaran'i Matio dia tsy mba mampiasa matetika ny hoe «Andriamanitra» izy, (araka ny fomba jiosy manaja ny Didy faha-3), fa matetika no soloiny hoe «Fanjakan'ny lanitra». Avahana sahady ao anatin'izany ny hita maso sy manoloana antsika mandrakariva (ny tany), sy izay mety ho hita kanefa tsy fantatra ny ao anatiny sy ao ambadika (lanitra). Hoy ny apôstôly Jaona hoe «Aza mankamamy an'izao tontolo izao, na ny zavatra izay ao amin'izao tontolo izao. Raha misy olona mankamamy an'izao tontolo izao, dia tsy ao anatin'izany olona izany ny fitiavana ny Ray. Satria ny zavatra rehetra izay ao amin'izao tontolo izao, izany hoe ny filandratsin'ny maha olona mpanota sy ny fitsiriritan-javatra hitan'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao. Mandalo izao tontolo izao sy ny filandratsy itaomany, fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay»*1 Jaona 2, 14_17*. Mampahatsiaro antsika ny maha-isika antsika hatry ny voalohany izany: avy amin'Andriamanitra Ray isika. Ny fifikirana amin'ny rehaka sy ny soa ety an-tany dia « tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao». Misy tanjona kendrena ny fiainana, satria fandalovana ihany izao tontolo izao. Ny tanjona dia ny lanitra, ny «Fanjakan'Andriamanitra», ary ny lalana hahatongavana ho amin'izany dia «ny Fahamarinana», « ***ny marina nosoritan'Andriamanitra*** ». Hoy Jesoa Kristy: « Satria nidina avy tany an-danitra Aho tsy hoe hanao ny sitrapoko fa hanao ny sitrapon'Ilay naniraka Ahy. Izao no sitrapon'Ilay naniraka Ahy: dia ny tsy hamelako hisy very izay rehetra nomeny Ahy, fa ny hananganako azy ho velona amin'ny andro farany. Eny, izao no sitrapon'ny Raiko: dia ny hahavelona aina mandrakizay ny olona rehetra mibanjina sy mino ny Zanaka; ary Izaho dia hanangana azy ho velona amin'ny andro farany ... Fa izao no voalazan'ny Soratra Masina ao amin'ny bokin'ny mpaminany: Hampianarin'Andriamanitra izy rehetra! Koa izay rehetra nandre sy nianatra tamin'ny Ray no manatona Ahy. Tsy hoe nisy nahita ny Ray, afa-tsy Ilay avy amin'Andriamanitra: izy no nahita ny Ray. Lazaiko marina dia marina aminareo fa izay mino Ahy dia velona aina mandrakizay » *Jaona 6, 38-40, 45-47*.

Tamin'ny fampianarana nataon'i Jesoa tany an-tendrombohitra, rehefa nitanisa ireo "Fahasambarana" izy, dia izan'ny nolazainy ho iray amin'izany «Sambatra izay maniry mafy hanao ny marina nosoritan'Andriamanitra, fa izy no homen'Andriamanitra fahafaham-po! *(Sambatra ny noana sy mangetaheta Fahamarinana fa izy no hovokisana*) ... Sambatra izay enjehina noho izy manao ny marina nosoritan'Andriamanitra, fa azy ny Fanjakan'ny lanitra! » *Matio 5. 6,10*. Raha nanazava io aho afak'omaly tamin'ny fotoam-bavaka nataonay Bf sy ny Biraon'ny Synoda Lehibe, dia nambarako tamin'izy fa aminy fampianaran'i Jesoa, ny hoe «**Fahamarinana, na marina nosoritan'Andriamanitra**» dia mitovy hevitra amin'ny hoe «**Fahatanterahana**» (perfection). Marika tratrarintsika amin'izao maha-kristiana izao ny fahatanterahana, araka ilay baikon'i Jesoa hoe «Aoka ho tanteraka ianareo, tahaka ny fahatanterahan'ny Rainareo izay any an-danitra»*Matio 5, 48*. Moa azontsika olombelona mbola mitafy nofo hatao ve ny ho tanteraka tahaka ny fahatanterahan'Andriamanitra? Tokony hazava amintsika fa tsy ny voky sy ny afa-ketaheta no lazaina fa sambatra, fa ny mbola noana sy mangetaheta ny fahatanterahana. Ny hanoanana sy hetaheta ara-panahy no mahatonga fahasambaram-panahy, dia araka ny ambaran'ny apôstôly Paoly amin'ny sarin'ny fiainan'ny mpanompon'Andriamanitra : «Tsy manana fahamarinana avy amin'ny fanarahan-dalana aho; fa ny finoana niainan'i Kristy no ahazoako fahamarinana, dia ilay fahamarinana avy amin'Andriamanitra ka miorina amin'ny finoana. Ny hany iriko dia ny hahalalako an'i Kristy, ka

hahatsapako ny herin'ny fitsanganany ho velona sy hiombonako fijaliana aminy ary hanafahako Azy amin'ny fahafatesany; koa manantena aho amin'izany fa hahatratra ny zava-kendrena, dia ny hitsanganan'Andriamanitra ho velona avy any amin'ny maty. Tsy mihambo ho efa tafita aho na ho efa tanteraka; fa miezaka hatrany aho hahazo ny amboaran'ny hazakazaka, satria izany no efa nahazoan'i Kristy Jesoa ahy. Ry havana, tsy mihevi-tena ho efa nahazo ny amboara sahady aho; fa zavatra iray ihany no ataoko: manadino ny efa nodiaviko ka mikely aina fatratra ho tody amin'izay kendrena. Miezaka hahatratra ny tanjona aho mba hahazoako ny amboara, dia ny fiainana iraisana amin'i Kristy Jesoa ka iantsoan'Andriamanit ra any ambony any» *Filipiana 3, 9-14.* Ny faniriana tsy an-kitsahatra no mahasambatra, fa ny fanahy afa-po tsy maniry na inona na inona intsony. Tena sarotra amintsika ny mahatratra ny tanjona, ka raha izao olombelona izao dia ho kivy mora foana. Avy any ambony kanefa ny famokisana antsika. Isaorana Andriamanitra fda manampy antsika >Izy. Na oviana na oviana tsy mampanao antsika ny zavatra tsy azo atao Andriamanitra, ary ampy hery hanome antsika fandresena mandrakariva ny Tompo. Misy ohabolana Bantou (foko iray mainty hoditra any Afrika Atsimo) milaza hoe: «Tsy hamela anao tsy hihinana Ilay nanome anao vava». Azontsika raisin ka ampiharina amin'ny hanoanana sy hetaheta ara-panahy izany. Andriamanitra Izay nametraka ao anatintsika ny hanoanana sy hetaheta ara-panahy dia efa nanomana koa izay hamokisana antsika. Tsaroan'ny Mpanao Salamo izany, ka hoy izy hoe «Ankino amin'ny TOMPO ny fiainanao, ka itokio Izy fa hanao izay mahasoa. Ny rariny ananao hasehony ho toy ny mazavatsinanana; ny zo tandrify anao haharihariny ho tahaka ny mitatao vovonana» *Salamo 37, 5-6*. Ny hany anjarantsika dia ny miezaka sy ny matoky an'Andriamanitra, fa Azy irery ihany kosa ny famokisana sy ny fanomezana fahasambarana ho antsika efa nataony ho zanaka tsy foiny.  Noho ny fahasoavan'Andriamanitra tsy takatry ny saina, dia tonga azontsika tratrarina izay toa tsy mety ho tratra na oviana na oviana, araka ny hevitsika olombelona. Mangataka amin'Andriamanitra isika, ao anaty fanahiana amin'ny maha-nofo, tahaka ny mpanao salamo izay nanjary narafitra ho hira ao anatin'ny Fihiranatsika: « Mangorohoro ato anatiko ny foko; fanahiana ny ho faty no mamely ahy. Voan'ny tahotra sy tebiteby aho ary koa heniky ny horohoro. Hoy aho hoe: ''Raha izay, hono aho, no mba ary elatra toa voromahailala hisidinako hitady izay hitoerako, dia handositra lavitra aho ka honina any an-taniefitra! Ho dodona hamonjy fialofana aho, tsy ho tratry ny tafiotra sy ny oram-baratra.''» *Salamo 55, 6-9*/ *cf.* Hira FFPM 694. Manome antsika elatra mlba hahazoantsika manidina mankeo amin'ny fahatanterahana sy ny filaminana Andriamanitra. Ary izany elatra izany dia tsy inona fa ny FINOANA sy ny FAHATOKIANA AZY. « Eny, izao no sitrapon'ny Raiko: dia ny hahavelona aina mandrakizay ny olona rehetra mibanjina sy mino ny Zanaka; ary Izaho dia hanangana azy ho velona amin'ny andro farany ... »*Jaona 6, 40*. Hoy Davida mpanao Salamo hoe « Aoka ny TOMPO no hiravoanao, dia homeny anao izay irin'ny fonao! » *Salamo 37, 4*. Fa moa tsy izany no hamporisihan'ny Tompo Jesoa Kristy antsika: **« Aza manahy ianareo ka manao hoe: inona no hohaninay? na hoe: inona no hosotroinay? na hoe: inona no hitafianay? Ireo mpanompo sampy manko no fatra-pikatsaka ireny rehetra ireny; fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra kosa fa ilainareo avokoa izany. Nefa katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny hanao ny marina nosoritany, dia homeny anareo ho fanampiny ireny rehetra ireny.  Noho izany, aza manahy ny ho ampitso ianareo; satria ny ampitso hanahy ny ho azy, fa ampy ho an'ny andro anio ny fahoriana mitranga eo aminy.»** *Matio 6, 31-34*.

Ho voninahitr'Andriamanitra Irery ihany!

Brétigny-sur-Orge, 01 Jona 2016

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA, *Filohan'ny FPMA*

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.